## Ny Valosoa sy hadihady

### Tranga misy amin'izao fotoana

# Manomboka miha-malemy sy mivaky ny antoko eo amin'ny fitondrana

Toa miverina any amin'ny andron'ny revolisiona sosialista teto Madagasikara indray isika amin'izao fotoana izao. Revolisiona lokon-daoranjy (révolution orange) tokoa mantsy no niantsoan'ny « mpitolona », na ny marimarina kokoa ireo mpanongam-panjakana tamin'ny taona 2009 ny hetsika nataony. Tsara tsiahivina anefa fa nisy naha samy hafa azy ireo « revolisiona » roa ireo satria ity faharoa dia fandrobana sy halatra ary fanapotehana ny asa fihariana no niandohan'izany ny 26 janoary ary niafara tamin'ny fanonganam-panjakana. Tafaverina amin'ny fitondrana tamin'ny alàlan'ny fifidianana tsy mazavazava ny mpitarika izany « revolisiona lokon-daoranjy» izany. Ny voalohany kosa dia fitsapankevi-bahoaka no niteraka azy ary tanora tao anatin'ny heriny tanteraka ny Amiraly Ratsiraka Didier. Ny itovian'ireo « revolisiona » roa ireo dia tanora no tonga teo amin'ny fitondrana, ka samy niezaka hamadika ny nofinofiny ho zavatra mivaingana hita maso sy azo tsapain-tànana. Teo amin'ny sehatra politika tsapa fa na dia revolisiona aza no neverina natao teto dia tsy nitovy tamin'ireo tany ivelany toa ny tany Rosia, Shina, Korea, sns… izay antoko tokana no nitondra. Ny Revolisiona Sosialista teto tamin'ny Repoblika II dia nitsangana ny Mandatehezana miaro ny Tolompiavotana, ka izay antoko politika tsy tafiditra tao dia tsy afaka nanao politika sady tsy tafiditra tao anaty fitondrana. Teo amin'ny sehatra famokarana kosa dia tsiahivina ny nisian'ny "investissement à outrance", ka nanokafana ireo banky isan-karazany ary mirazotra tamin'izany ny nitsanganan'ny orinasa isaky ny seha-pamokarana izay nametrahana ny koperativa sosialista isan-tokony. Azo asongadina amin'izany ny "idée 21" izay nanorenana trano tany Atsimo, ny Sonaco, ny Roso ary lehibe tamin'ireny ny IMI (Institut Malgache Inovation) izay namoronana ny fiara 4x4 Karenjy. Tsy nisy naha ratsy ireo voatanisa ireo saingy tsy rehefa tsy misy fandraisana anjaran'ny daholobe (participative et inclusive) dia tsy lasa lavitra satria tsy mahatsiaro tena ho tompony ny mpiray tanindrazana, ka iaraha-mahalala ny niafaran'ireo voatanisa ireo, potika tsy nisy tafavoaka avokoa ireo orinasa ireo tamin'ny andron'ny Amiraly Ratsiraka. Raha ny sehatra politika no jerena dia tsy mitovy ny fampiraisan-kina ny mpanao politika eo amin'ny fitantanana ny firenena eo anivon'ireo "revolisiona" roa nisy sy misy eto Madagasikara ireo. Ankehitriny tokoa dia mihevitra ny hitondra samy irery ny firenena ny TGV sy ny IRK mpiaradia aminy, ka miezaka na manilika na mampatahotra na mampihorohoro izay tsy mitovy hevitra aminy. Manaporofo izany ny fampidirana am-ponja ireo heverin'ny mpitondra fa manohitra azy. Eo koa ny tsy fampandaniana ny lalàna fototra momba ny fanoherana izay heveriny fa mety hanozongozona ny toerany satria afaka hamaky bantsilana izay tsy mety hataon'ny mpitondra rehetra amin'ny alàlan'ny haino aman-jerim-panjakana ny mpanohitra. Na izany na tsy izany dia tsy manakana ny fivakisana sy fanombohan'ny fahalemen'ny antoko eo amin'ny fitondrana ny tranga rehetra amin'izao fotoana izao. Raha eo amin'ny sehatry ny famokarana sy fotodrafitrsa dia toa mitovitovy ny endrik'izany eo amin'ireto "revolisiona" roa nisy sy misy eto Madagasikara ireto. Efa voatanisa etsy ambony ny tamin'ny revolisiona sosialista. Ny revolisiona lokon-daoranjy dia ny fananganana tanàna mitovy amin'ny any ivelany (Miami, Paris) no idedahana. Eo koa ny fanamboarana làlana miantona (fly over na highway) no mahamaika azy. Etsy an-kilany koa dia ny fanorenana Tranon'ny Lavanila (Maison de la Vanille), izay azo heverina fa ao anatin'ny làlantsaina nisy tamin'ny revolisiona sosialista teo amin'ny nananganana ny "Maison des Produits". Ny tiana ho marihana dia nandritra ny revolisiona sosialista izay azo lazaina fa niara-nihentana ireo antoko politika nivondrona tao amin'ny Mandatehezana Miaro ny Tolompihavotana teo amin'ny fanantanterahana ireo programam-pampandrosoana ireo, mbola iaraha-mahalala ny niafaran'ireo zavatra rehetra natsangana ireo. Ankehitriny dia miezaka ny manao tari-tokana amin'ny fitondrana ny Firenena ny mpitondra sady tsy mihaino ireo fanakianana ny tsy mety, ka hananosarotra ny fanatanterahana izany. Manampy trotraka izany ny fijapiana ireo fotodrafitrasa efa nahazoana famatsiana kanefa tsy mety miainga satria tsy mizotra any amin'ny fanetren-tena ny mpitondra. Izay manetry tena no hasandratra fa izay manandra-tena kosa no hahetry.

***Andry Tsiavalona***

RAHARAHAM-PIRENENA

# Lahiantitra miaro diso tafahoatra ny tsy ara-dalàna

Miala amin'Ingahy "Filoha "avokoa ireo mpanao politika mijery lavitra, satria tsy hita taratra intsony ny asa mahafiloha azy, fa miverina amin'ny mahakandida azy izy, kandida satria mbola fampielezankevitra no ataony, fanatsarana endrika ny tenany sy fanaratsiana izay mpifaninana heverina ho goavana, ireo mpanao politika mbola manana ny hoaviny toy ireo nanambatra ny heriny teny amin'ny Hotel Panorama dia mazava ny hevitra ijoroan'izy ireo, fa tsy manaiky velively ny fanamparampahefana sy ny tsy fanarahan-dalàna, fa ireo "Zokiolona" tsy manana hoavy politika intsony sy tsy mahay miaina, tsy mahafantatra izay tokony hataony amin'ny fanarahan-dalàna sisa miaro an-jambany ny fitondrana efa tsy mahomby.

Azon'inona sa nahazo inona ? ireto lahiantitra no dia miaro be fahatany tsy tahotra tsy henatra ny efa hita mibaribary fa diso.

Ingahy Rakotomanana Honoré, dia miaka-pofona mihitsy manizingizina fa ara-dalàna hono ilay fifidianana loholona, dia lasa ny eritreritra satria miverina ao an-tsaina ny fandaharana fanaony tao amin'ny Radiompirenena fahiny momba ny didy aman-dalàna, ankehitriny dia izy no fatra-piaro sy mpanosihosy ny lalàna velona eto amin'ny firenena, tsy nisy ny fampiharana izay notanisainy tao amin'ny onjampeo ary ny tena loza dia ohatry ny nodisoiny tanteraka izay noventesiny fahiny. Fa nahitana an'Ingahy Rakotomanana Honoré avokoa ny fitondrana nifandimby teto, Arema nafana fo izy, kanefa niaraka tamin'ny Filoha Ravalomanana rehefa niongana ny Amiraly, avy eo dia niaraka tamin'ny mpanongam-panjakana, notendren'ny Filoha Rajaonarimampianina ho loholona dia izao io izy manao mpisolovava ny mpanitsakitsaka lalampanorenana io.

Ingahy Ratsirahonana Norbert Lala indray efa tamin'ny Repoblika voalohany, no efa mpikatroka mavitrika tao amin'ny Antoko Psd, "conseiller général" izy tamin'izany, tonga ny repoblika faharoa dia lasa Arema indray Ranôrbera, dia nidina teny amin'ny kianjan'ny 13 mey tamin'ny taona 1991 nandrodana ny Amiraly, dia nahazo toerana ho filohan'ny HCC, tratran'ny fitsipaham-pitokisana ny Praiminisitra Emmanuel Rakotovahiny, dia Ingahirainy no lasa Praiminisitra, tratran'ny fampiatoana indray ny Filoha Zafy Albert dia tretrika tanteraka Ingahy Ranôry, satria sady Praiminisitra no Filoham-pirenena mpisolo toerana, na filoham-panjakana. Izy no nisalotra voalohany ny anarana filohampirenena tsy nandalo fifidianana. Raha ny tokony ho izy dia ny fanatontosana fifidianana filohampirenena no andraikitry ny fitondrampanjakana notarihany, kanefa dia nirotsaka ho fidiana Ingahy Ranôrbera, indrisy fa tsy lany, laharana fahaefatra taorian' ny kandida Ratsiraka, Zafy, Herizo Razafimahaleo ilay filoha sady Praiminisitra no kandida, soa fa nahazo 10% dia mba niverina ny anto-bola, voafidy solombavambahoaka teto Antananarivo Ranôrbera ny taona 1998, nanatsoaka ny firotsahany ho fidiana ho filohampirenena izy ny taona 2001 ary nitaona ny vahoaka hifidy ny Filoha Ravalomanana. Ny tohiny dia efa fantatry ny rehetra fa nanongana ny Filoha Ravalomanana izy ary niaro sy mbola miaro an-jambany hatramin'izao ny kandida Rajoelina. Ireny niarahanaheno ireny ny fiarovana bontolo ny fifidianana tsy marim-pototra ho tanterahana amin'ny 11 Desambra 2020 izao. Miendrika fandrahonana sy feno avonavona ilay fanehoankevitra nentin'ity lahiantitra efa nitety andrimpanjakana maro ity, hita ho efa voky taona, ka tsy tena mandinika intsony sy zavatra tokony ho izy sy ny tsy izy.

Ny Amiraly Ratsiraka indray dia tsy zoviana amin' ny vahoaka malagasy satria tamin'ny 60 taona nahazoana ny fahaleovantena dia ny Amiraly no nitondra tamin' ny iray ampahatelony mahery ny 60 taona, 1975 hatramin'ny 1993, sy 1997 hatramin' ny 2002, nahatratra 20 taona mahery ny Amiraly no teo amin'ny fitondrana, ka raha mitanisa ny hoe tsy nahavita namaha ny olana teto amin'ny firenena ireo mpitondra nifandimby nandritra ny 60 taona ny kandida Rajoelina, dia i Deba no tena asiany mafy, i Deba ilay nitababa fahiny tamin' ny andron'ny revolisiona sosialista ny hoe "ankizy ankehitriny mpanangana ny hoavy sy tompon'ny taona 2000", i Deba ihany koa izay nirotsaka ho fidiana filohampirenena farany teo nifaninana tamin'ilay "mpanangana ny hoavy" satria matoa izy nirotsaka dia tsy azony antoka ny "tompon'ny taona 2000", niaraha-nahalala fa zara raha nahavaky atody ity manambaninahitra ambony laharana indrindra ao amin'ny tafika ity, ankehitriny dia ny miala vonkina amin'ny fandotoana ny Filoha Ravalomanana sisa no fahafinaretany, kanefa tsy mampalain-komana ny vahoaka Malagasy amin' ny fitiavana an'i Dada izany. Misy ny miteny fa tena efa miverin-tsaina ve ny Amiraly? Raha nambarany fa tsy nahaloa hetra 200 ka hatramin'ny 300 miliara Ariary Ravalo tamin'ny fitondrany, nahoana no navelan'izy ireo nirotsaka ho ben'ny tanàna tamin'izany fotoana izany, nahoana no navelany nirotsaka ho filohampirenena tamin'ny taona 2001? Iaraha-mahalala fa tsy afaka mirotsaka hofidiana raha tsy mahaloa hetra!

Mampalahelo f'ireo zokiolona sahy nijoro tamin'ny fahamarinana toa an'ny Filoha Zafy Albert sy ny Filoha Manandafy Rakonirina dia efa samy lasan'Andriamanitra avokoa, izay marihana ihany koa, f'efa samy tratran'ny herisetran-dRajoelina avokoa izy ireo, ny Profesora tratran'ny lakrimôzena teny Ambohijatovo sy Anosy ary ny Filohan'ny MFM nosamborina teny amin'ny Carlton Anosy, f'ireto telolahy mbola nomen'Andriamanitra tombon'andro dia tena miaro diso tafahoatra ny tsy ara-dalàna, ka mahavaky vava ny vahoaka tia fahamarinana dia mamerina ny fanontaniana hoe : "azon'inona sa nahazo inona ireto zokiolona ireto?".

***Ny Valosoa***

Fanoherana

# Tafatsangana ny RMDM sampana Arivonimamo

Tafatsangana ny Rodoben'ny mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara (RMDM), any amin'ny distrikan'Arivonimamo, faritr'Itasy ny sabotsy lasa teo. Izao fivondronamben'ny fanoherana tafajoro izao dia ivondronan'ny antoko politika TIM, MTS, HVM, MFM, hita tao ihany koa ny vondron'olontsotra sy ny mpitatitra. Mitovy tadin-dokanga izy ireo araka ny fanazavana no nahatonga ny fiarahana ho amin'ny fanoherana izao fitondrana izao. Nambaran'ireo nandahateny tamin'izany, fa fanjakana jadona no misy eto ary tsy manaja ny demokrasia sy ny zo fototra. Nanotrona izao hetsika fananganana ny RMDM any Imamo izao, ny sekretera jeneralin'ny RMDM foibe, ny senateran'i Madagasikara, Olga Ramalason, ny mpanolotsaina ary ny solombavambahoaka voafidy tao Arivonimamo, Rodin Rakotomanjato.

***Isambilo***




*Ny fananganana ny RMDM tany Arivonimamo.*